## LITANIAN' NY MPANETRY TENA

**Amin'ny faniriana teo ho tian' ny olona**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny faniriana te ho deraina**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny faniriana te ho heni-kaja**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny faniriana te ho tiana mihoatra ny sasany**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny faniriana te ho filankevitra**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny faniriana te ho hampiadanina**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao halam-baraka**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao tebahina**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao atosiky ny sasany**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao endrikendrehina**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao hadinoin' ny olona**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao vazivazina**, afaho izahay, Jesoa !
**Amin'ny tahotra sao tsiratsiraina**, afaho izahay, Jesoa !

***Vavaka soratanan' i Lucien BOTOVASOA notahiriziny tanatin'ny bokiny Manuel du Tiers-Ordre***

Imprimatur: Mgr. RAMAROSON Benjamin Marc.
Arsevekan'Antseranana

# LUCIEN BOTOVASOA
# 1908-1947



***Kristianina vontom-pinoana sy Tersiera Fransiskana nahafatra-po Martirin'ny FINOANA sy ny fahamarinana***
**OLONTSAMBATRA**

***"Andriamanitra ô , mamelà ireto rahalahiko ireto"***

# LUCIEN BOTOVASOA

| | |
|---|---|
| Ray | Behandry Joseph (1890)<br>Nandray ny sakramentan'ny Batemy 1902 |
| Reny | Neviasoa Philomène (1892)<br>Batemy taona 1925 |
| 1908 | Teraka Lucien Botovasoa |
| 1922 | Nandray ny sakramentan'ny Batemy. Eokaristia (nanampy ara-panahy I Kembarakala Marguerite) |
| 1923 | Nandray ny sakramentan'ny fankaherezana |
| 1924-1928 | Niofana ho mpampianatra tao Ambozontany Fianarantsoa |
| 1928 | Nivoaka ho mpianatra mendrika indrindra tao amin'ny toeram-piofanana.<br>Nampianatra tao amin'ny sekoly paroasialy Vohipeno |
| 10 Oct 1930 | Nandray ny sakramentan'ny mariazy Suzanne Soazana ny vadiny |
| 1940-1941 | Fanorenana ny Fraternité Tersiera Fransiskana tao Vohipeno |
| 08 dec 1944 | Velirano nataon'i Lucien BOTOVASOA maha Tersiera Fransiskana azy |
| 17 Avr 1947 | ***« Raha ny aiko no hahavotra ny olo-maro aza misalasala ny hamono ahy ianareo »***<br>Maty notapahin-doha Lucien Botovasoa |
| 2011-2013 | Fanadihadihan'ny Diosezy Farafangana (Procès Diocésain) ny hananganana azy ho olon-tsambatra |
| 2014 | Fanombohan'ny fanadihadihan'ny Roma ny hananganana azy ho olontsambatra |
| Nov 2016 | Nankatoavin'ny Vaomiera Teolojika ny hatsaram-panahin'i Lucien Botovasoa |
| 02 Mai 2017 | Nambaran'I Ray masina François fa olontsambatra ary martirin'ny finoana sy fahamarinana i Lucien Botovasoa |

## HATSARAM-PANAHIN'I LUCIEN BOTOVASOA

**Teologaly :**

**-Finoana** : manankina ny fiainana amin' Andriamanitra
**-Fanantenana**: feno fanantenana ny hiaraka amin'i Jesoa Kristy
**-Fitiavana** : tia ny olona rehetra

**Kardinaly**:

**-Fahamarinana** : tsy tia fitaka sy lainga
**-Fahamalinana** : nahafahany nanao safidy tsara
**-Fahononana** : raisiny ankafaliana sy safidy nataony
**-Faherezana** : hery nandreseny ny fakam-panahy

**-Olon'ny Fihavanana**: najoro nampihavana ireo tsy mitovy hevitra , firazanana, foko
**-Tia ny zava-boary** : tsy tia mamono biby na ny biby fiompy ao an-trano aza , mikarakara ireo voromanidina maratra na marary
**-Nizara hafaliana lalandava**: tsy mbola nisy olona nahita azy tezitra , nihira , nitendry zava – maneno.

**MPIVALO AMIN' NY MAHA TERSIERA FRANSISKANA**

- **FITIAVANA AN' ANDRIAMANITRA**
  - Vavaka : -sorona masina isan'andro
    - sapile, vavaka misasak'alina
  - Fifadian-kanina: in-droa isan-kerinandro (alarobia-zomà)
  - Fankasitrahana an' Andriamanitra amin'ny atao :
    ***Ad Majorem Dei Gloriam***
- **FITIAVANA NAMANA**
- **FANDAVANA NY FAHOTANA**
  - Mandray ny sakramentan'ny fampihavanana isan-kerinandro
- **FANDRAISANA NY EOKARISTIA**
  - Mibanjina isan'andro ny sakramenta Masina ora iray mialoha ny Sorona Masina.